



Nataon'ny Filoha Dieter F. Uchtdorf

Mpanolotsaina Faharoa ao amin'ny Fiadidiana Voalohany

Ianareo no Tanako

Amin'ny maha-mpianatr'i Jesoa Kristy antsika dia nantsoina isika mba hanobana sy hanasitrana fa tsy hanameloka.

Misy tantara nilaza fa nandritra ny fanjerana baomba tany amin'ny tanàna iray tamin'ny Ady Lehibe faha-II, dia nisy sarivongana lehiben'i Jesoa Kristy izay tena simba be. Rehefa hitan'ny mponina teo amin'ilay tanàna tao anatin'ny korontanjavatra rava ilay sarivongana dia nito-many izy ireo satria marika tian'izy ireo fatratra izay maneho ny finoany sy ny fisian'Andriamanitra eo amin'ny fiainany izany.

Afaka nanamboatra ny ankamaroan'ny simba tamin'ilay sarivongana ihany ireo manam-pahaizana, saingy tena simba be ny tanany ka tsy azo naverina tamin'ny laoniny. Nisy olona sasany nanoro hevitra mba haka mpanao sary sokitra mba hanao tanana vaovao, nefa ny hafa dia naniry ny hamelana izany amin'izao—mba ho mpampahatsiahy mandrakizay ny loza nateraky ny ady. Dia nijanona tanteraka tsy nisy tanana ilay sarivongana. Kanefa nampian'ireo mponina teo amin'ilay tanàna soratra tsotra iray teo amin'ny fototr'ilay sarivongan'i Jesoa Kristy izay manao hoe: “Ianareo no tanako.”


Isika no Tanan'i Kristy

Misy lesona lalina avy amin'izany tantara izany. Rehefa mieritreritra ny Mpamonjy aho dia maka sary an-tsaina

Azy matetika miaraka amin'ny tanana mitsotra mba hankahery, hanasitrana, hitahy sy haneho fitiavana. Ary niresaka hatrany *tamin'ny* olona *tao anatin'ny* fanajana azy ireo Izy. Tiany ireo manetry tena sy malemy fanahy ary niara-nandeha tamin'izy ireo Izy, ka nampianatra azy ireo ary nanolotra fanantenana sy famonjena.

Izany no nataony nandritra ny fiainany teto an-tany. Izany ihany koa no ho nataony raha toa ka niara-niaina tamintsika Izy ankehitriny ary izany no tokony hataontsika amin'ny mahampianany sy mpikamban'ny Fiangonana'i Jesoa Kristy ho an'ny Olomasin'ny Andro Farany antsika.

Mitodika any Aminy ny saintsika sy ny fontsika amin'izao Marainan'ny



Paska mahafinaritra izao—ilay Fanantenan'ny Isiraely sy Fahazavan'izao Tontolo Izao.

Raha maka tahaka ny ohatra tonga lafatra nasehony isika dia afaka ho lasa Tanany ny tanantsika, ho lasa Masony ny masontsika ary ho lasa Fony ny fontsika.

Afaka Mamihina ny Tanantsika

Tena variana amin'ny fomba hanompoan'ny mpikamban'ny Fiangonana ny hafa aho. Feno fankasitrahana sy fifaliana ny fonay rehefa maheno ny fahafoizan-tena tsy misy tambiny sy ny fangorahana goavana ataonareo izahay. Fahazavana mampirapiratra eto amin'izao tontolo izao ianareo ary fantatra amin'ny hatsaran-toetranareo sy ny fangorahanareo ianareo manerana an'izao tontolo izao.

Indrisy anefa fa indraindray koa isika maheno momba ireo mpikamban'ny Fiangonana izay lasa kivy ary avy eo miala sy tsy mandray anjara amin'ireo fivoriam-piangonana intsony, satria mihevitra izy ireo fa tsy tafiditra tsara ao anatiny.

Fony aho ankizilahy kely dia potika sy rava i Allemagne taorian'ny Ady Lehibe faha-II. Maro ireo olona noana, marary sy miala aina. Tsaroako tsara ny fandefasana entana fanampiana tamin'ny alalan'ny sambo izay nahitana sakafo sy akanjo avy tamin'ny Fiangonana taty Salt Lake City. Hatramin'ny androany dia mbola tadidiko foana ny fon'ireo akanjo ary mbola haiko foana ny hamamin'ilay paiso am-bifotsy.

Nisy olona sasantsasany niditra ho mpikambana tao amin'ny Fiangonana noho ireo entana noraisiny tamin'izany fotoana izany. Nisy mpikambana sasany izay niavonavona tamin'ireo karazana mpikambana vaovao ireo. Nomeny anarana manafintohina mihi-tsy izy ireo: *Büchsen Mormonen* izany hoe “Môrmôna miandry sakafo am-bifotsy.” Nankahalain'izy ireo ireo mpikambana vaovao ireo satria nino izy ireo fa raha vao azony daholo ny zavatra ara-batana ilainy dia hiala izy ireo.

Na dia nisy aza ny niala, dia maro kosa no nijanona—tonga niangona izy ireo, nanandrana ny hamamin'ny filazantsara ary nahatsapa ny famihinana azy ireo tamim-pitiavana izay nasehon'ireo rahalahy sy rahavavy feno

fiahiana. Nahita “trano fonenana” izy ireo. Ary ankehitriny izay taranaka telo na efatra nifandimby taty aoriana, dia maro ireo fianakaviana no manoritra ny nahatonga azy ho mpikambana avy amin’ireo olona niova fo ireo.

Manantena aho fa raisintsika tsara sy ampisehoantsika fitiavana ny zanak’Andriamanitra rehetra ary ao anatin’izany ireo izay mety manao akanjo na manana bika aman’endrika na manana fiteny na manao zavatra fotsiny samy hafa amin’ny antsika. Tsy tsara ny manao izay ahatsapan’ny hafa fa misy zavatra tsy ampy amin’izy ireo. Aoka isika mba hanohana ireo izay manodidina antsika. Aoka isika hanolotra tanana feno fitiavana. Aoka ataontsika ho hitan’ireo rahalahintsika sy rahavavintsika ao amin’ny Fiangonana ny fitiavan’olona tsy hay refesina asehontsika sy ny fangorahana ary ny fiantrana toy izany ka mba hahatsapany fa nahita trano fonenana ihany izy ireo nony farany.

Raha toa isika ka azon’ny fakampanahy te-hitsara olona dia aoka isika hieritreritra ny Mpamonjy izay “tia izao tontolo izao, ka nomeny na dia ny ainy aza mba hisarihany ny olona *rebetra* hanatona Azy. . . .

[Ary] hoy Izy hoe: Avia aty amiko ianareo rehetra faran’ny tany . . . [fa], manan-jo hitovy ny olon-*drebetra*, ka tsy misy voarara amin’izany.”¹

Rehefa mamaky ny soratra masina aho dia toa ireo izay manambony tena noho ny harenany na ny lazany na ny fieritreretany fa marina no iantefan’ireo fanakianana lehibe indrindra avy amin’ny Mpamonjy.

Nisy fotoana ny Mpamonjy nampianatra ny fanoharana momba ireo lehilahy anankiroa izay nandeha nivavaka tany amin’ny tempoly. Hoy ilay lehilahy iray izay Fariseo izay hajaina fatratra rehefa nivavaka hoe: “Andriamanitra ô, misaotra Anao aho, fa tsy mba tahaka ny olona sasany, izay mpanao an-keriny, tsy marina, mpijangajanga, na tahaka io mpamory hetra io aza. Mifady hanina indroa isan-kerinandro aho, mandoa ny fahafolon-karena amin’izay azoko rehetra aho.”

Ilay lehilahy iray, izay mpamory hetra be mpankahala kosa dia nijanona “teny lavitra eny, [ary] tsy nety nian-drandra ny lanitra akory, fa nitehatratra ka nanao hoe: Andriamanitra ô,



mamindra fo amiko mpanota.”

Ary hoy i Jesoa hoe: “lazaiko amina-reo: Izany lehilahy izany nidina tany an-tranony efa nohamarinina noho ny anankiray.”²

Raha ny marina dia “samy efa nantata [isika] rehetra ka tsy manana ny voninahitra avy amin’Andriamanitra.”³ Mila famindram-po daholo isika rehetra. Amin’ily andro farany dia antsoina ho eo amin’ny toeram-pitsaran’Andriamanitra isika, ka tsy mba manantena ve isika hoe mba ho voavela ireo fahalementsika maro? Tsy mba maniry ny hahatsapa ilay famihinan’ny Mpamonjy ve isika?

Toa tena ara-drariny sy mety ny hanaovantsika amin’ny hafa ny zavatra mba tena iriantsika hatao amin’ny tenantsika.


Tsy milaza akory aho hoe manaiky ny fahotana isika na tsy miraharaha ny ratsy eo amin’ny fiainantsika manokana na eo amin’izao tontolo izao. Na dia izany aza, ao anatin’ily fahazotoantsika dia matetika isika mampifangaro ny fahotana sy ny mpanota ary dia manameloka haingana loatra isika ary kely dia kely ny fangorahana. Fantatsika avy amin’ny fanambarana maoderina fa “lehibe ny hasarobidin’ny olona eo imason’Andriamanitra.”⁴ Tsy azontsika refesina mihitsy ny fahamendrehana’ny

fanahy iray toy ny tsy ahafahantsika mandrefy ny halehiben’izao tontolo izao. Olona manan-kaja daholo ny olona rehetra ho an’ny Raintsika any andanitra. Rehefa takatsika izany dia afaka manomboka mahatakatra ny fomba tokony handraisantsika ny namantsika isika.

Nisy vehivavy iray izay nianjadian’ny fitsapana sy ny fahoriana tao anatin’ny taona maro nilaza tamin-dranomaso hoe: “Lasa nahatsapa aho fa toy ny vola taratasy 20 dolara efa tranainy—miforiporitra, misy rovitra, maloto, nampiasaina be ary misy diany. Saingy mbola ilay vola taratasy 20 dolara ihany aho. Misy ilana ahy. Na dia tsy dia mitovy amin’ily mbola vaovao intsony aza aho ary na dia voakasokasoka sy nampiasaina loatra, dia mbola manana ny sandan’ny 20 dolara tanteraka.”

Afaka Mankahery ny Tanantsika

Raha mitazona izany ao an-tsaina isika dia aoka ny fontsika sy ny tanantsika hatolotsika amim-pangorahana any amin’ny hafa, satria samy mandia lalana sarotra daholo ny tsirairay. Amin’ny maha-mpianatr’i Jesoa Kristy antsika dia nantsoina isika mba hanohana sy hanasitrana fa tsy hanameloka. Nodidiana isika mba hiara-malahelo amin’izay malahelo ary hampionona



ireo izay mila fampiononana.⁵

Tsy mendrika antsika amin'ny maha-Kristiana antsika ny mieritreritra fa ireo izay mijaly dia mendrika ny fijaliany. Ny Alahadin'ny Paska dia andro tsara hahatsiarovana ny Mpamonjy antsika izay nilatsaka an-tsitrapo nitondra teo Aminy ny fanaintanana sy ny aretina ary ny fijaliantika rehetra—na ireo teo anivontsika izay toa mendrika ny fijaliantika aza.⁶

Ao amin'ny bokin'ny Ohabolana dia misy hoe “izay tena sakaiza tokoa dia tia amin'ny andro rehetra, sady miseho ho rahalahy hamonjy amin'ny fahoriana.”⁷ Aoka isika hitia amin'ny fotoana rehetra. Ary aoka isika indrindra indrindra mba ho eo hanampy ny rahalahintsika sy ny rahavavintsika mandritra ny fotoam-pitsapana.

Afaka Manompo ny Tanantsika

Nisy angano Jiosy fahiny iray mitantara momba ny mpirahalaha antsoina hoe Abram sy Zimri, izay nanana saha ary samy niasa teo. Nifanaiky izy ireo fa hizara ny asa ary hijinja vokatra mitovy.

Indray alina rehefa vita ny fijinjana dia tsy nahita tory i Zimri satria tsy rariny raha ny antsasaky ny vokatra fotsiny no azon'i Abram, izay manambady ary manan-janaka lahy fito velomina, nefa izy izay ny tenany ihany no velominy, dia mahazo be dia be.

Noho izany dia niankanjo i Zimri ary nandeha nangingina tany an-tsaha ka naka ampahatelon'ny vokany izy ary napetrany teo amin'ny niangonan'ilay vokatra izay an-drahalahiny. Dia niverina natory izy ary afa-po noho ny fahafantarany fa nanao ny rariny izy.

Nandritra izay fotoana izay koa anefa dia tsy nahita tory i Abram. Nieritreritra an'ity rahalahany mahonena Zimri ity izy, izay tena irery ary tsy mba manana zanaka lahy hanampy azy amin'ny asa. Toa tsy rariny raha toa ka ny antsasaky ny vokatra fotsiny no azon'i Zimri izay tena niasa mafy. Azo antoka fa tsy nahafaly an'Andriamanitra izany. Ary dia nandeha nangingina tany an-tsaha i Abram, ka naka ampahatelon'ny vokany izy ary napetrany teo amin'ny niangonan'ilay vokatra izay an-drahalahy malalany.

Ny ampitson'izany dia samy nandeha tany an-tsaha izy mirahalaha ary samy gaga satria toa tsy niova ny haben'ny vokatr'izy ireo. Ny alin'iny dia samy tsy natory izy mirahalaha fa nandeha nivoaka namerina ilay zavatra nataon'izy ireo ny alina talohan'izany. Saingy tamin'ity indray mitoraka ity dia nifankatratra izy ireo ary rehefa izany dia nitomany ary nifamihina. Tsy nisy nahateny izy ireo satria feno fitiavana sy fankasitrahana ny fony.⁸

Izao no endriky ny fangorahana: dia ny hitiavantsika ny hafa tahaka ny tenantsika,⁹ katsaho izay ahazoany fifaliana ary ataovy amin'izy ireo izay antenaintsika fa hataon'izy ireo amintsika.¹⁰

Mitaky Asa ny Fitiavana Marina

Mitaky asa ny fitiavana marina. Afaka miresaka momba ny fitiavana isika mandritra ny andro iray manontolo—afaka manoratra taratasy kely na tononkalo isika izay manambara izany sy mihira hiderana izany ary manao lahateny hampahafantarana izany—nefa raha tsy mampiseho fitiavana amin'ny alalan'ny asa isika dia ho tsinontsinona ny tenintsika ka ho toy ny varahina maneno sy kipantsona mikarantsana.¹¹

Tsy niresaka tsotra fotsiny momba ny fitiavana i Kristy fa nasehony isan'andro teo amin'ny fiainany izany. Tsy nihataka tamin'ny besinimaro Izy. Rehefa teo anivon'ny olona i Jesoa dia nanampy olona iray. Namonjy ny very Izy. Tsy nampianatra tsotra fotsiny ny kilasy iray momba ny fanehoana fitiavana Izy ary avy eo dia nampanao ny hafa ilay asa. Tsy nampianatra antsika fotsiny Izy fa koa nampiseho ny fomba “hamonjena ny osa, hanakarana ny tanana izay miraviravy ary hanatanjahana ny lohalika malemy.”¹²

Hain'i Kristy tsara ny manompo ny hafa. Rehefa naninjitra ny tanany ny Mpamonjy dia nahazo hery ireo izay nokasihany ary lasa manana ny maha izy azy kokoa sy matanjaka kokoa ary lasa olona tsara kokoa vokatr'izany.

Raha toa ka isika no tanany, moa ve tsy tokony hanao izany koa isika?

Afaka Mitia tahaka ny Nataony Isika

Nambaran'ny Mpamonjy ireo laharan-pahamehana tena lehibe eo amin'ny fiainantsika, eo amin'ny tokantranantsika ary eo amin'ny paroa-sintsika sy eo amin'ny fiaraha-monina misy antsika rehefa nilaza momba ny fitiavana Izy izay didy lehibe “hiantonan'ny lalàna sy ny mpaminany.”¹³ Afaka mandany andro amin'ny fijerena ny antsipiriana ny fiainana isika, ny lalàna ary ireo lisitra lava be amin'ny zavatra tokony ho atao; kanefa tsy tokony hataontsika tsinontsinona ny didy lehibe, satria tsy haintsika ny zavatra manan-danja raha izany ary toy ny rahona tsy misy rano isika, ka atopatopan'ny rivotra, ary toy ny hazo tsy mamoa.¹⁴

Raha tsy misy izany fitiavan'Andriamanitra Ray sy ireo namantsika izany isika dia toy ny maka ny endriky ny Fianganany fotsiny—fa tsy misy zavatra mivaingana. Inona no voka-tsoa hoentiny ny fampianarantsika raha tsy misy fitiavana? Inona no voka-tsoa hoentiny ny asa fitoriana na ny tempoly na ny asa fanampiana olona raha tsy misy ny fitiavana?

Ny fitiavana no nanosika ny Raintsika any an-danitra hamorona ny fanahintsika. Izany no nitarika ny Mpamonjy antsika tao amin'ny Sahan'i Getsemane mba hanolotra ny tenany ho fanonerana ny fahotantsika. Ny fitiavana no tarigetra lehiben'ny draftry

ny famonjena. Loharanon'ny fifaliana izany, ilay loharano tsy mety ritran'ny fahasitranana ary loharanompanantenana sarobidy.

Rehefa manolotra ny tanantsika sy ny fontsika amin'ny hafa isika ao anatin'ny fitiavana tahaka ny an'i Kristy, dia misy zavatra mahagaga mitranga amintsika. Lasa sitrana ny fanahintsika ary madio sy matanjaka kokoa. Lasa faly kokoa isika sy milamina kokoa ary maheno kokoa ny bitsiky ny Fanahy Masina.

Amin'ny foko sy ny fanahiko manontolo no hisaorako ny Raintsika any an-danitra noho ny fitiavany antsika, ka nanomezany ny Zanakalahiny. Misaotra eram-po eran-tsaina azy aho noho ny fiainan'i Jesoa Kristy sy ny ohatra nasehony ary noho ny sorona tsy nisy ota sy tsy nisy tambiny nataony. Faly aho noho ny fahafantarana fa tsy maty i Kristy fa nitsangana avy tao am-pasana! Velona Izy ary niverina teto an-tany mba hamerina ny fahefany sy ny filazantsarany tamin'ny olona. Nampisehony antsika ny ohatra tonga lafatra mahakasika ny karazana lehilahy na vehivavy tokony halaintsika tahaka.

Amin'izao Alahadin'ny Paska izao ary isan'andro, rehefa mandinika amim-panajana sy amim-pitandremana ny fomba hamihinan'ny Mpamonjy antsika isika sy ny fomba entiny mankahery sy manasitrana antsika, dia aoka isika hanolo-tena ho lasa Tanany, mba hahafahan'ny hafa hahatsapa ilay famihinany feno fitiavana amin'ny alalantsika. Amin'ny anaran'i Jesoa Kristy.

Amena. ■

FANAMARIHANA

1. 2 Nephi 26:24–25, 28; nampiana fanamafisana.
2. Lioka 18:9–14.
3. Jereo Romana 3:23.
4. Fotopampianarana sy Fanekempihavana 18:10.
5. Mòsià 18:9.
6. Jereo Almà 7:11–13; Fotopampianarana sy Fanekempihavanana 19:16.
7. Ohabolana 17:17.
8. Jereo Clarence Cook, "Abram and Zimri," ao amin'ny *Poems, by Clarence Cook* (1902), 6–9.
9. Jereo Matio 22:39.
10. Jereo Matio 7:12.
11. 1 Korintiana 13:1.
12. Fotopampianarana sy Fanekempihavanana 81:5.
13. Matio 22:40.
14. Jereo Joda 12.



Nataon'ny Loholona Richard G. Scott

Avy amin'ny Kôlejin'ny Apôstôly Roambinifolo

"Velona Izy! Ny Voninahitra Rehetra anie ho an'ny Anarany!"

Ny fabatakarantsika sy ny finoantsika ny Sorompanavotan'i Jesoa Kristy dia hanome ny bery sy ny fabafahana izay ilaina ho an'ny fiainana mahomby.

Marainan'ny Paska izao, dia ilay andro masina voatendrin'ny kristiana rehetra hahatsiarovana ny fandresen'i Jesoa Kristy ny fahafatesana. Ny fitsanganany tamin'ny maty dia namaha ilay fatoran'ny fahafatesana tsy mety resy fahiny. Nanokatra ny lalana Izy mba hahafahan'ny zanaky ny Ray any an-danitra tsirairay hahazo ny fahafahana hitsangana amin'ny maty ka hiaina indray.

Tena tsy maintsy lehibe ny fifalian'ny Ray any an-danitra tamin'izany andro masina izany rehefa nanorotoro ny rojon'ny fahafatesana ilay Zanakalahiny mpankato sy mendrika tanteraka. Inona moa no mety ho tanjona mandrakizain'ny drafitry ny fahasambaran'ny Ray raha tsy novelomina tamin'ny alalan'ny Sorompanavotana mandrakizay sy tsy manam-petran'Ilay Zanany mpankato be voninahitra izany? Inona moa no tanjona mandrakizay avy amin'ny Fanorenana ny tany izay handraisan'ireo faharanitan-tsaina mitafy fanahy, vatana raha toa ka ny

fahafatesana no faran'ny fisiana ary tsy hisy hitsangana amin'ny maty? Tena fotoana feno voninahitra izany maraina izany ho an'ireo rehetra izay mahatkatra ny dikany.

Ny Paska dia ilay vaninandro hitodihan'ny fon'ny kristiana mahafatra-po tsirairay amin'ny fankasitrahana miety ho an'ny Mpamonjy malalantsika. Vaninandro iray izay tokony hitondra fiadanana sy fifaliana ho an'ireo rehetra izay tia Azy ary maneho izany amin'ny fankatoavana ny didiny. Ny Paska dia mitondra eritreritra mikasika an'i Jesoa, ny fiainany, ny Sorompanavotany, ny Fitsanganany tamin'ny maty, ny Fitiavany. Nitsangana tamin'ny maty Izy "miaraka amin'ny fanasitranana eo ambany elany." (Malakia 4:2; 3 Nefia 25:2). Ô, tena mila izany fanasitranana atolotry ny Mpanavotra izany isika rehetra. Ny ahy dia hafatry ny fanantenana mifototra amin'ny fitsipika izay hita ao amin'ny fampianaran'ny Tompo Mpampianatra dia i Jesoa Kristy.